INO MALAZA

ATD QUART MONDE MADAGASCAR

N° 001

N°001 – 12 Septembre 2013 - e-mail : mada@atd-quartmonde.org

## « An'i fikambanana ity trano ity ary midika izany isika rehetra no tompony ary manana andraikitra sy adidy isika amin'ny fikolokoloana azy »

Nohon'ny fitokanana ny tranon'ny Fikambanana sy mba hitondran'ny tsirairay ny anjara-birikiny dia natsangana ny komity hisahana ny fikolokoloana ny ivelan'ny trano izany hoe : ny zaridaina, ny fandaminana ny tokon-tany (Fametrahana ny rary vato) .

Ireto avy ireo olona nandrafitra ny komity : Désiré, Jean Claude, Rakotondrasoa (dadabe) Livia, Monique, Mbola ary Jean. Nisy fivoriana matetika niarahan' **izy ireo** ho fanomanana izany asa izany.

**Tamin'ny faha-4 sy faha-18 mey 2013 ary ny faha-15, 22 sy 29 jiona 2013 nanomboka amin'ny 9 ora maraina** ny asa ary nifarana tamin'ny 3 ora sy sasany tolakandro. Betsaka ny tonga **nanoy** ny antso tao ny tanora sy ny **Ray aman-dReny ary namana mpiaradia** amin'ny fikambanana samy nitondra ny voatsirambin'ny tanana, « Betsaka ny asa any an-tanàna no navela, ny maraina mantsy no tonga eny aminay ny camion mitondra entana (décharge) fa amin'ny maha-pikambana anay dia nisafidy ny handray anjara amin'ny asa ary tsy afaka hijanona ela eto izahay fa hamita ny adidinay dia ny fanaterana ny zezika sy biriky » **notateriny tamin'ny sarety izay olona no nitarika azy**. ohatra ny avy any andramiarana vao mangiran-dratsy dia efa tonga teto an-toerana nanatitra zezika sy biriky Nizara ho vondrona maromaro ny olona ka ny sasany nanao ny lalana rary vato « izaho ao anatin'ny fikambanana ary fahafinaretana ho ahy satria koa aho efa mba nahazo taona dia manatanja tena mampiasa hozatra ary fahafinaretan'ny maso koa ny mahita ilay izy rehefa maniry tsara »

, ny hafa indray namboly **voninkazo** sy nanondraka, ny sasany nandrary biriky manamorona ny zaridaina. « Mandritra ny asa dia mifanala ny rehetra ary hita soritra ny hafaliana sy ny fahavononana amin'ny fanaovana ilay asa, tsikitsiky sy sangisangy no ifampizarana mandritra ny asa »



Tena asa vadidrano tokoa ka tsy vita raha tsy ifanakonana eh !amin'ny 11ora teo ho eo dia niara naka aina kely ny rehetra tamim-bomanga amin-dite na kafe, nitohy ny asa ary tamin'ny 1 ora sy sasany teo dia nifampitaona ny rehetra amin'ny fiaraha misakafo,

Ankoatra ny ivelan'ny trano, nisy ihany koa ny fanadiovana ny atin-trano

Tamin'ny **zoma faha-5 jolay, andro** iray **mialohan'ny fitokanana** ny tranon'ny Fikambana dia nisy ireo asa **madinidinika** izay tsy maintsy

natao teo an-tokontany **ka** nandraisan'ireo namana avy any Toliara sy Mahajanga anjara « Ankoatra ny asa atao eto dia zava-dehibe amiko ny mankaty satria sady mba manararaotra maka rivotra »

## Fanendrena Ekipa vaovao handimby an'i Sophie sy Arsène

Tamin'ny Fivoriam-be natao **ny faha-6** Jolay no naneho ny vokatry ny asa niarahany akaiky tamin'ny Fitondrana Foibe Iraisam-pirenena sy ny **Solontenan'ny** Faritra ao amin'ny Ranomasim-be Indianina ny sokajy nandinika ny fifandimbiasam-pitantanana notendrena ny **faha-12** Janoary.

Rehefa avy naka ny hevitr'olona 70 izy ireo dia namoaka fehin-kevitra mirakitra laharam-pahamehana 8 hatrehina ao anatin'ny taona maromaro manaraka. Ireo laharam-pahamehana ireo no mandrafitra ny asa hankinina amin'ny Ekipa notendren'ny Fitantanana Foibe taorian'ny asan'io sokajy io. Toy izao ny ho fandaminana ny fitantanan'ny ATD Quart Monde Madagasikara mandritra ny 5 taona manaraka :



1. ***Ekipa Nasionaly iray ahitana Solontena Nasionaly roa sy olona hafa iray.*** **Amélie RAJAONARISON** sy **Denis GENDRE** no hiara-hitondra ny andraikitry ny Solontena Nasionaly. Hisahana ny Fikambanana amin'ny ankapobeny sy ny maha-iray tsy mivaky ny Fikambanana ary ny firotsahan'ny mpikambana izy ireo. Hiara-hiasa akaiky amin'i **Marcelline RAZAFINDRASOA** izay hisahana indrindra ny fampiofanana ny mpikambana ao amin'ny ATD Quart Monde eto Madagasikara, ny fampivelarana ny fampitam-baovao sy ny fifandraisana anatin'ny Fikambanana ary koa ny ivelany

2. ***Filohan'ny Filan-kevi-pitantanana***

Io andraikitra io dia hankinina amin-dRamatoa **Josiane RAVELOARISON** aorian'ny fifidianan'ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevi-pitantanana ny biraony. Izy no hiandraikitra ny fanehoana ny Fikambanana indrindra manoloana ny fitondram-panjakana, ny mpiara-miombon'antoka ary ireo haino aman-jery. Mba hahafahany manovo fahalalana amin'ny fiainana sy ny hetahetan'ny fianakaviana tena sahirana ary ny **zava-misy ao amin'ny** Fikambanana dia hiara-hiasa aminy akaiky ny Ekipa Nasionaly.



***3. Ekipa « Loha miara-mandinika »***

Natao io mba hahafahan'ny mpikambana sasantsasany hahafantatra bebe kokoa momba ny Fikambanana amin'ny ankapobeny sy hanampy ny Ekipa Nasionaly amin'ny fandinihana ny votoantin-kevitra. Io no handrafitra ny Ekipa *« Loha miara-mandinika »* hatsangana mandrapahatongan'ny faran'ny taona 2013. Olona 12 ka hatramin'ny 15 no handrafitra azy ary ao anatiny ny Ekipa Nasionaly sy ny Filohan'ny Filan-kevi-Pitantanana, 3 taona ny fe-potoana hiasany. Ny Ekipa Nasionaly no hanendry azy ka kendrena araka izay azo atao ny hisian'ny fahasamihafana mandrafitra ny Fikambanana ATD Quart Monde eto Madagasikara amin'ny toerana 3. Na izany aza anefa dia hotendrena amin'ny anarany manokana ny olona tsirairay ho ao fa tsy ho solontena-na sokajy.

Ny sokajin'ny fifandimbiasam-pitantanana no nandrafitra ny asa hankinina amin'ny Ekipa Nasionaly sy amin'ny Filohan'ny Filan-kevi-Pitantanana ary ny tantaran'ny asan'izy ireo nandritra ny fihaonany. Azon'izay rehetra te hahita azy jerena ireo antontan-taratasy ireo. Lazaina amin'ny ao amin'ny Solontena Nasionaly fotsiny ny fangatahana izany.

## TATITRY NY FIHAONANA TAMIN'NY 06/07/2013

Nizara roa niavaka tsara ny tontolo andron'ny Asabotsy **faha-06** jolay 2013:



Natokana hanaovana Fivoriam-ben'ny mpikambana ny tapany maraina ka tamin'ny voalohany dia nihaino an'i Arsène sy i Sophie, ny Sokajy nandinika ny fifandimbiasam-pitantanana ary ny Solontenan'ny OMD tany New-York

izay samy nahatontosa ny iraka nampanaovina azy avy ka nanao tatitra tamin'ny mpivory. Rehefa avy eo dia ny fanendrena tamin'ny fomba ofisialy an'i Amélie sy i Denis ho Solontena Nasionaly, fa mbola mandrafitra ny Ekipa Nasionaly miaraka amin'i Marcelline koa izy ireo; i Josiane kosa no ho Filohan'ny Filan-Kevi-Pitantanana vaovao. Na ireo nahatontosa ny andraikiny teo aloha na ny vaovao mbola hiditra dia samy nandray fitenenana avokoa. Nisy tamin'ny Ekipa mpanentana ny faritra namaky ny taratasy avy tany amin'ny Fitantanana Foibe Iraisam-pirenena.



Ny tolakandro kosa dia natokana hitokanana ny tranon'ny Fikambanana ka nanokatra ny varavarany tamin'ny olona ivelany toy ny manam-pahefana eo an-toerana sy Andriamatoa Naudet solontenan'ny AFD izay nanampy teo amin'ny famatsiana ara-bola, sy ny maro hafa toy ny mpikambana avy any Toliara sy Majunga. Nanomboka tamin'ny kabary fanokafana sy ny fandraisam-pitenenana isan'ambaratongany aloha, rehefa avy eo dia niroso tamin'ny fitokanana ka i Sophie sy Arsène ary ny Solontenan'ny AFD no nanapaka ny ribà sy nitondra ny vahiny nasaina nitety ny efitrano rehetra. Rehefa nifarana ny fitetezana dia niroso tamin'ny fijerena fampiratiana teny antokotany ka ny an'ny BDR no nanombohana azy, avy eo ny MMM dia ny ATD Quart Monde Toliara, ny ONG Tsiro, ary dia nofaranana



tamin'ny fandehanana tao amin'ny tranon'ny tanora. Nitodika tany amin'i Sophie sy i Arsène izay rehetra tafavory mba haneho fisaorana ombam-pankasitrahana azy ireo sy nitso-drano azy ary izany dia narahina tolotra ho mari-pahatsiarovana. Nantsoina teo koa ireo vao notendrena hitantana mba haseho ny olona tafavory teo sy nampandraisina fitenenana. Fanalana hetaheta kely toy ny nofon-kena mitam-pihavanana sy dihy no nentina namarana ny andro.













## Ity ny famintinana ny an'i Mahajanga

Tianay ny mampahafantatra ny mpikambana rehetra fa manana efitrano ahafahan'ny Mpikambana mihaona ny any Mahajanga. Any amin'ny Kartie-n'Ambalavola no misy io trano io. Efa nasianay fanaka sy fitaovana fampiasa amin'ny birao vitsivitsy izy io. Efa noravahan'ny ankizy Tapori koa io efitrano io.

Raha ny asanay indray no asian-teny dia isaky ny Alakamisy hariva ny fanentanana ny famakiam-boky an-kalamanjana ao amin'ny fokontanin'Ambalavola. Mandray anjara amin'izany daholo na ankizy efa mianatra na tsia. Misy ihany koa ny fianakaviana tena sahirana tonga mandray anjara amin'izany. Miato kely aloha ny fanentanana vaky boky noho ny fotoam-pialan-tsasatry ny mpianatra.

Ny tany izay nomen'ny Diôsezy Katôlikan'i Mahajanga anay iray taona lasa izay dia nambolena mangahazo fanindroany indray tamin'ity. Marihina fa iray taona sy tapany sisa tavela tamin'ny fepotoana nomena anay hitrandrahana io tany io.